TRANGA MAMPALAHELO

# Zazalahy kely 9 taona maty nodarohan-dreniny

Rehefa tonga ny loza, patsa iray tokoa tsy omby vava araka ny fomba fiteny Malagasy iray izay. Toy izany no nitranga tany amin'ny faritra Fitovinany iny. Maty vokatry ny kapoka mafy nataon'ny reniny azy ny ankizy lahy kely, tao Maroalakely Manakara faritra Fitovinany. Araka ny fitantaran'ireo manodidina dia teo ampanaovana ny enti-mody tao antrano ity zaza ity, no nojeren'ny reniny ny zavatra nataony, ka rehefa diso dia tezitra ity farany ka nibedy sy nikapoka azy teo amin'ny lohany. Narary vokatrin'ilay kapoka nahazo azy ilay zaza ny alarobia hariva teo ary afak'omaly alakamisy maraina vao nentina tany amin'ny hopitaly hotsaboina, saingy tsy tana intsony ny ainy. Vaky nandositra ilay reniny ary mbola tsy hita izay nalehany hatramin'izao.



Ilay zaza namoy ny ainy (lanjaina anaty tsihy), noho ny daroka nataon-dreniny.

**Stefa**

Fifamoivoizana

# Saofera sy resevera mamo am-perinasa, nosamborin'ny zandary

Misy dia manao kitoatoa sy sahisahy mihitsy ireo mpamily sy mpanampy azy eny amin'ireny zotra fitateram-bahoaka ireny. Saofera sy resevera amperinasa mamo, no nosamborin'ny zandarimariam-pirenena teny amin'ny faritra Ambohibao io, miasa mitondra taksibe zotra 112 izy ireo. Tsy ampy 24 ora nitrangan'ilay lozam-pifamoivozana nataon'ny fiara taksibe zotra D Ivato afak'omaly dia efa tratra sahady koa ny zotra 112 iray izay miseho azy mafy loha. Olona tsara sitrapo iray tao anatin'ny io taksibe io, no niantso ny zandary amin'ny toetra tsy mendrika nataon'ny mpamily sy ny mpanampy azy amin'ny fandehanana mafy anatin'ny hamamoana.Tratehaka izy roalahy ary niaiky ny zavatra nataony. Mampitandrina ireo mpitatitra hatrany ny zandary: "ain'olona anie no entinareo mpitatitra, ka tsy tokony hatao kinanga. Tsy miaraka ny familiana fiara sy ny alikaola ary ny zava-mahadomelina. Aok'izay ny herisetra ataonareo mpandraraha ao anatin'ny fitateram-bahoaka amin'ny vahoaka," hoy ny fanambarana.



Ireo saofera sy resevera mamo am-perinasa.

**Niaina**

Governemanta Amerikanai

# Manampy an'i Madagasikara amin'ny ambana momba ny rano

Manampy an'i Madagasikara hiatrika ireo ambana amin'ny famatsiana sy fampiasana ary fitantanana ny rano ny governemanta amerikana. Ny governemanta Malagasy, ary ao anatin'izany ny minisitera miisa 6 sy ireo rafi-panjakana hafa, dia niaraka tamin'ny Masoivoho Amerikana sy ny vondron'ny injeniera eo anivon'ny tafika amerikana, na USACE ary ny Fibaikoana ny tafika amerikana mitoby aty Afrika, na USAFRICOM, nandray anjara tamin'ny atrikasa naharitra roa andro momba ny rano, ny alarobia sy ny alakamisy teo, hamaritana ireo fomba maharitra azo ampiharina eto Madagasikara hiantohana ny famatsiana sy fampiasana ary fitantanana ny rano.

Nanampy ireo tompon'andraikitra ao anatin'ny governemanta Malagasy ireo manam-pahaizana Amerikana, hitady ny fomba hiatrehana ireo fanamby ateraky ny haintany, ny tondra-drano, ary ny fiovan'ny toetr'andro, ho an'ny famokarana sy ny fampandrosoana aratoekaren'ny firenena. Nilaza ny Ambasadaoro Amerikana Claire Pierangelo tao anatin'ny lahateniny, fa "ny fahazoana rano fisotro madio dia ao anatin'ny filàna fototra ho an'ny olombelona, eo amin'ny sehatry ny fihariana sy ny famokarana ho an'ny firenena."

Ity atrikasa ity dia tafiditra ao anatin'ny asa lavitr' ezaka ataon'ny governemanta Amerikana hanatsarana ny fahazoana rano sy fanadiovana eto Madagasikara. Ankoatra ny ezaka mitohy izay ataon'ny Departementan'ny Fiarovana Amerikana, sy ny USAFRICOM, ny Sampandraharaha Amerikana misahana ny Fampandrosoana Iraisam-pirenena (USAID) dia niantoka 46 tapitrisa dolara amerikana nampiasaina tamin'ny sehatry ny rano sy ny fanadiovana nanomboka ny taona 2017, hanatsarana ny fahazoana rano fisotro madio tamin'ny tanàn-dehibe sy tamin'ny faritra ambanivohitra maro. I Etazonia dia miara-dàlana amin'i Madagasikara toy ny mpirahalahy mianala ary hanampy hanatsara ny fahasalamana sy ny fiainan'ny vahoaka Malagasy.



Ny atrikasa momba ny rano, niarahana tamin'ny Masoivoho Amerikana eto amintsika.

**Aly**

"Tennis ITF/CAT – Circuit Junior U 18 leg 1"

# Raraka teo amin'ny 1/4-dalana ny mpilalao Malagasy

Raraka teo amin'ny lalao 1/4-dalan'ny fifaninanana tenisy "ITF/CAT – Circuit Junior U 18 leg 1", tontosaina eny amin'ny kianja COT Ilafy tamin'ny alakamisy 29 septambra 2022 lasa teo, ny mpilalao tenisy lehilahy Malagasy Mahefa sy Mirija, ka tsy tafita niatrika ny lalao ankatoky ny famaranana amin'ity fifaninanana ity. Rakotomalala Mahefa (tête de série n°5) dia lavon'ilay Britanika Castle Maxwell (tête de série n°3) tamin'ny seta 2-0 (4/6, 2 /6). Andriantefihasina Mirija kosa dia resin'ilay Egypsiana Noureldine Moustafa tamin'ny seta 2-0 (4/6, 5/7). Mariha fa rahampitso alahady 02 ôktôbra 2022 no hifarana ity fifaninanana hoan'ny sokajy U18 Leg 1 ity ary ny ampitson'io, hanomboka amin'ny alatsinainy 03 ôktôbra 2022 kosa ny Leg 2, izay tsy hifarana raha tsy amin'ny alahady 9 ôktôbra 2022 ho avy izao.

**Rainilita**




Mahefa sy Mirija.

Grande Fête Foraine

# Hatao andro alina ny famaranana anio sabotsy

Ho tanterahina eny amin'ny kianja « Terrain RFI Para Ivato » anio alin'ny sabotsy 01 ôktôbra 2022 hanomboka amin'ny 5 ora hariva, ny lalao famaranana basikety amin'ny hetsika "Grande fête foraine", niarahan'ny 1er Bataillon sy ny tanoran'Ivato nikarakara. Miaraka amin'ny "animation" samihafa (Kermess - Stand - Animation DJ - show Dance) ary seho an-tsehatra miaraka amin'i Twokii – Arione Joy izany hetsika izany. Marihana fa omaly zoma alina no nanaovana an'ireo lalao basikety ankatoky ny famaranana tamin'ity hetsika ity. Ankatoky ny famaranana vehivavy : ASTAR # CBB, BBCV # ASF. Ankatoky ny famaranana lehilahy : BBB # 1er BAT, BBCV # ASF.

**Rainilita**




Grande fête foraine eny Ivato.

PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Tsilavo A.